

# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria



No. 24, April 2020

**Bulletin Mensuel de Formation et d'Information**  
**Association Marie Reine des Coeurs**

Teny  
Malagasy



**louis-Marie de Montfort - la Trinité-Porhoët**

## Fanazavana ara-baiboly



### Salamo 117 (118)

**Refrain:** *Rendez grâce au Seigneur : Il est bon !*

*Éternel est son amour !*

Eny, ry Israely, lazao hoe:

Mandrakizay ny fitiavany!

Ry tranon'ny Arôna, lazao hoe:

Mandrakizay ny fitiavany!

Ireo matahotra Azy Tompo, lazao hoe:

Mandrakizay ny fitiavany!

Natositokisaka sy nahilika aho mba hamonoana ahy;

Saingy Izy Tompo niaro ahy.

Ny Tompo, no hirako sy heriko;

Izy no fanavotana ho ahy;

Akom-pifaliana sy fandresena

No tao an-dain'ireo olo-marina.

**Ny vato natsipin'ny mpanorin-trano**

**No tonga vato fehizoro,**

Ny zava-mahagaga teo ambany masonay.

Ity no andro nataon'Izy Tompo!

Ho andro fifaliana sy firavoravoana ho antsika!

Miaraka amin'i Pierrette MAIGNÉ

# Mandrakizay ny fitiavany!



Fanasana antsika hisaotra ny Fitiavan'Andriamanitra io Salamo io: Israely, ny tranon'I Arôna, ireo matahotra Azy Tompo, izany hoe voaasa ireo mpino mba hanaiky ny Fitiavan'Andriamanitra; ilay Fitiavana mandrakizay ka ho mandrakizay.

Io Salamo izay tsy ananantsika raha tsy amin'ny ambahany io dia anisan'ny litorijia amin'ny sasak'alin'ny Paka sy amin'ny andron'ny Paka. Anisan'ireo Salamo ny Alahady ao amin'ny Vavaka Ankalazao io; noho izany Salamon'ny Paka na azo antsoina ihany koa hoe Salamon'ny Fitsanganan-ko velona.

Ny Tompo no ilay asaintsika hankalazaina, teny mandika ny anarana tsy hay lazain'ilay Andriamanitra nambara tamin'I Moizy, ilay Anarana mifono Famindram-po ary izany ihany koa ny fifandraisana amin'ny litorijian'io andro io: Alahadin'ny Famindram-po.

Izy Tompo no ilay Mpanavotra antsika, ilay Mpiao antsika, ilay ametrahantsika ny fitokantsika. Izany fiainana ny fanavotana izany no anasan'ny mpahay Salamo antsika ho zaraina. Isakin'ny misafo faharavana I Israely dia natrakan'ny Tompo hatrany. Mba ho vavolombelon'ireo "asa maherin'Andriamanitra"; izany no Antso ho an'I Israely. Toy izany ihany koa ny iraka ho antsika!

Nampiasa io Salamo io I Jesoa mba hamaranana ny fanoharana momba "ireo mpiasa ny tanim-boaloka mpamono olona" (Mt21, 42; Mk12, 10; Lk20, 17), Izy no ilay vato natsipin'ny mpanorin-trano!

Ie! I Jesoa tokoa no ilay manavotra tamin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona. Andro firavoravoana ny Paka, andro fandresena, ary tsy hanam-piry amin' ny vaninandro paka isika mba hiderana an'Andriamanitra sy hisaorana Azy, satria isan'andro no manavotra antsika Izy. Eny e! Izy no fanavotana ho antsika tsirairay avy; noho izany ataovy manakoako ny fiderana Azy, zarao ny hafaliana sy ny haravoantsika: Aleloia, dero ny Tompo! ■

## **TONONKIRA FAHA 135, AN'I MOMPERA MONTFORT:**

Tsara aok'izany ny mihira andro aman'alina

Ny tononkiran'ilay Fitiavana feno hatsarana!

Ry Jesoako O! Ry Ilay Fitiavako! Tiako lanao!

Tsy te hitia inona na inona afa-tsy lanao aho.

Tsy misy mahalala mihintsy izany hasambarana

Dia ny mitia Anao ry Mpamony ahy.

Tiako lanao ry Jesoa!

Mitenena toy izany koa ry Kristianina!

Andramo anie e! Hatraiza loatra re izato  
hakanton'izany Fitiavana e!



# Ny fanorenana ny "Institut des Frères de Saint-Gabriel"

## *ao anatin'ny faharetana miteraka fahariana amin'ny karisman'ny fihaviana*



**Namakivaky ny tantara ny fananganana, fanarenana ary fikorontanana, avy eo ny fitohizan'ny asa indray.**


Iriako ary izao ny hampiseho hoe amin'ny fomba ahoana ny faharetana amin'ny fanomezam-pahasoavana iray no mety ho eo ambany fahefan'ny ireo sedran'ny tantara.

Izay koa no nitranga ho an'ny karisman'i François d'Assise. Andeha ary hojerentsika ny momba an'i Montfort. Noho ny fiaraha-miasa tamin'i F. Bernard Guesdon dia toy izao manaraka izao no namintinan'i F. Gérard Dupont ny asa nataon'i Montfort ho an'ireo sekoly fianarana nanomboka tamin'ny taona 1714 hatramin'ny 1715 :


« Nanelanelana ireo iraka isan-karazany dia niandraikitra ny fikarakarana ireo sekoly ho an'ny ankizy lahy sy vavy koa i Montfort, araka ny fanirian'ny evekan'ny La Rochelle.

Ity farany ity no nanome ny toerana ary i Montfort kosa mba nahafahana nanamboatra sy nanatsara azy ireny ...

par Marcel Chapeleau,  
freran'ny St-Gabriel



dia nanjary mpanao mari-trano, mpiandraikitra amin'ny fampandehanana ny asa ary lehiben'ny toerana iasàna. Izy no nibaiko ireo mpiasa, nividy ireo fitaovana ilaina, nanaramaso ireo zavatra natao isan-karazany. Dia nisokatra ary ny sekolim-pitiavana voalohany, « Ecole Charitable », ho an'ny ankizy lahy nanodidina ny volana oktôbra 1714 teo. Ny lalàna napetraka amin'ny maha maimaim-poana azy teo dia tsy maintsy najain'ny rehetra, indrindra ireo mpampianatra ary na dia ireo ray aman-dreny manam-bola aza, mba tsy hiteraka fanavakahana eo amin'ireo mahantre sy ireo hafa. Ho mpampianatra dia « nify tanora vitsivitsy izay nanara-dia azy izy...ary niriany hitafy akanjo niloko mainty izy ireo, na koa ireny akanjo fanaon'ny pretra taloha ireny fa fohy, mba hanintonan fanajàna ». Isan'andro dia nitsidika ireo lakilasy izy, nanampy ny fiofanan'ireo mpampianatra, nanara-maso ny zava-drehetra an-tsipiriany : ny fandraisana ireo ankizy, ny fandaminana ireo dabilio tany amin'ny efitrano lehibe fianarana, ny fomba fampianarana niraisana natolotra tamin'izany fotoana izany, ireo ora fianarana, ny firindràna tsara, ireo fanomezana mari-pankasitrahana sy sazy, ary indrindra ny katesizy na fandalinam-pinoana sy ny vavaka, miaraka amin'ny pretra iray izay mpitarika sorona masina sy nampanao ny konfesy, ary hatrany amin'ny fanaterana ireo ankizy any amin'ny ray aman-dreniny.



“” Dia nisokatra ary ny sekolim-pitiavana voalohany, « Ecole Charitable », ho an’ny ankizy lahy nanodidina ny volana oktôbra 1714 teo

Vetivety dia nahatsapana vokatra izany fomba fanabeazana natao am-pitiavana izany : ireny ankizy mahery setra sy be famaliana ireny dia nanjary nahalala fomba sy nifantoka tamin’ireo lesona sy torohevitra nomen’ireo mpanabe azy (Besnard n°159, 160). Nandritra ny fandalovany tao Poitiers dia afaka nanolotra namana ho an’i Marie-Louise Trichet izy, dia i Cathérine Brunet izay Zanakavavin’ny Fahendrena faharoa.

Ary tamin’ny fitsidihany manaraka koa dia nampahatsiahy azy ireo ilay fikasàん’Andriamanitra izy : « Tsaroanareo ve, tamin’ny fandalovako tany Poitiers, raha nandao ny Hopitaly aho, ary nametraka anareo teo ambany

Fitantanany’Andriamanitra, irery sy tsy nisy niahys... dia niteny aho hoe : rehefa eo ireo Zanakavavin’ny Fahendrena afaka folo taona, dia efa tanteraka ny sitrapon’Andriamanitra amin’izay fotoana izay ... Dia manisà ange e ! Ho hitanareo fa folo taona indrindra aho izay no nandroso izany teny izany taminareo... ».

Ary nikarakara ny fametrahana ny sekoly ho an’ny ankizy vavy kely koa i Montfort (aprily 1715) toy ny nataony tamin’ilay sekolin-jazalahy. Dia sahala ny fahombiazany, nitombo haingana nahatratra efa-jato ny isan’ny mpianatra.



## Ireo mpianany voalohany.

Ireo frera sy masera ary pretra notanisain'i Fr.Gérard : Masera Marie-Louise Trichet (1703), F. Mathurin Rangeard (1705), ireo frera efatra izay notanisainy tao amin'ny didy miafina nataony, dia i Nicolas sy Philippe ary Louis sy Gabriel, eo koa i F. Jean sy F. Pierre ary F. Jacques Boucard; ireo Masera Marie-Louise sy Cathérine Brunet ; ireo Mompera Vatel sy Mulot, izay mpiara-miasa taminy voalohany nandritra ny misiona tany Vouvant ny volana novambra 1715.

Ary tonga ny fotoanan'ny mpandimby, ireo frera tamin'ny taranaka faharoa nandimby ...Dominique, ny taona 1716 - 1718, Hilaire Gardien tany La Rochelle, ny taona 1722 - 1725, René Joseaun, ny taona 1721 - 1759 ary Jean Fortin, ny taona 1729 – 1759 izay nandray ny Mompera Le Vallois tamin'ny taona 1720 ary nanjary Ray amam-panahy an'izy ireo, teo ambany fiandidian'i Mompera René Mulot ny taona 1720 - 1749, lehibem-pikambanana, ary nanonona ny Voady voalohany amin'ny maha religiozy azy izy ireo ny taona 1722.

“” Ny tantaran'ny fanorenana ny fikambananay dia nandalo fiadian-kevitra maro nandritra ny fotoana naharitra mikasika ny anjara-toeran'i Montfort sy i P. Gabriel Deshayes ho an'ny fitohizan'ny fahavelomany.



Manaraka izany, nisy ireo niavaka tamin'ny fiofanana manokana ho mpanabe na katekista tahaka ireo frera Mathurin sy Jacques Boucard ary René Joseau, dia i F. Pierre-Michel Guérin tamin'ny taona 1755 - 1765 sy i F. Joseph (Bernard Métayer) tamin'ny taona 1760 - 1772, i F. Pierre Loisel ny taona 1765 - 1781, ary i F. Pierre Mury ny taona 1787 - 1820 (cf. G. Dupont. Les Frères Montfortains de Saint-Gabriel : le charisme des origines. Pâques 2017.)

Tamin'ny taona 1794 dia nisy ny fisakanana izay noterena sy nofidian'ny Convention mba hanafoanana ilay Vendée fitondràna miaramila. Ohatra tamin'izany, tany Saint-Laurent-sur-Sèvre izay ivo-toeran'ny Montfortanina, dia nisy ny famonoana ireo religiozy roa vavy sy lehilahy niisa 29 nahitàna religiozy lahy efatra, F. Yvon sy F. Boucher, 60taona, F. Jean, 30taona ary F. Olivier, 30taona, izay nataon'ny « colonne infernale N°3 » avy any Cholet sy notarihin'ny Jeneral Caffin.

Ny tantaran'ny fanorenana ny fikambananay dia nandalo fiadian-kevitra maro nandritra ny fotoana naharitra mikasika ny anjara-toeran'i Montfort sy i P. Gabriel Deshayes ho an'ny fitohizan'ny fahavelomany. Noho izany dia ilàna fanazavana satria mety hampanontany tena ny hoe inona no nahatonga ny fikorontanana izay nanomboka ny taona 1889 hatramin'ny nanodidina ny 1967. Indro ary daty vitsivitsy izay maneho ilay endriky ny tantaranay somary niovaova araka izao manaraka izao :



**1821 – 1997 : ireo tranga vitsivitsy nanamarika ny fifandraisana teo amin’ireo fikambanana montfortanina.**

1821 : ny fanombohan’ny fanarenana ny fikambanan’ny frera nataon’i P. Gabriel Deshayes mba hitazomana ny fitohizan’ny fanorenana voalohany.

1888 : ny fananganana ho Olontsambatra an’i Montfort.

1889 : ny tsy fifanarahana noho ireo karazam-pitondrana teo amin’ireo fikambanana telo.

1910 : ny Lalàna fankatoavana ny fikambanana navoakan’ny papa Pie X : « ireo Frera...ny Saint-Gabriel...dia manana ho Ray sy mangataka mba ho izany, ny Olontsambatra Louis-Marie Grignion avy any Montfort... »

1947 : ny fanandratana ho Olomasina an’i Montfort, tsy nampilamina ny fampihavanana teo amin’ireo Misionera Montfortanina sy ireo Freran’ny Saint-Gabriel anefa izany.

1964 – 1977 : ny fanatsaràna ny fifandraisana tamin’ny alàlan’ny asa iombonana, ireo asasoratra sy fihaonana.

1966 – 1967 : taona fanamarihana ny faha 250taona nahafatesan’i Montfort.

1997 : ny fihetsika naneho fampihavanana teo amin’ireo fikambanana telo izay nahafahana nanohy ny asa indray.

Nisy fikorontanana noho ny tsy fifankazahoan-kevitra teo amin'ny olona roa : i mompera Maurille sy ny eveka teo an-toerana tamin'ny taona 1889. Eto dia tokony am-pahamalinana no hilazako hoe : aoka isika tsy hitsara haingana loatra ny fomba fitantanana any amin'ireo trano fampianaranana nanomboka tamin'ny taon-jato faha 19 hatreо amin'ny Konsily Vatikana II. Ankoatran'izay anefa dia sarotra ny hamintinana izay rehetra nitranga nandritra ny telo ampahefan-jato taona ao anatin'ny andàlana vitsy dia vitsy.

Tamin'ny taona 1887 dia nanome alàlana ny hanontàna boky mahakasika ny fiainan'i P. avy any Montfort i P. Maurille izay lehibem-pikambanana Montfortanina maneran-tany. Voalaza ao anatin'izany fa « ireo freran'ny St-Esprit dia anisan'ny fianakavian'i Montfort ary na dia niova anarana aza izy ireo (freran'ny St-Gabriel) dia tsy manova velively ny fihaviany izany... ». Ity boky ity dia nivoaka tamin'ny taona 1888, taona nananganana ho Olontsambatra an'i Montfort.

Raha ny fijery ety ivelany dia toa mizotra tsara ny zava-drehetra, nefà nisy fivadihan'ny tantara tampoka tamin'ny volana jiona 1889. I mompera Maurille noresahina teo iny ihany dia nankato ny fivoahan'ny boky iray izay nandà ny firazanana montfortanina an'ireo Freran'ny St-Gabriel amin'ny fanamafisana fa i P. Deshayes no nanorina azy ireo.

Izany fikorontanana izany dia nambara tao amin'ny lahatsoratra nosoratan'ny evekan'ny Luçon tamin'ny taona 1894, ary nolazainy tao ny mombamomba ilay fifandonana nisy teo aminy sy mompera Maurille. Nametraka ny fahatokisany teo amin'ireo Freran'ny St-Gabriel izay nahavita-tena ny eveka. Ary i P. Maurille kosa, lehibem-pikambanan'ny Misionera Montfortanina, dia niahiahysao hahaleo-tena koa ireo masera ka mety ho very ny fahefana ananany.

**“” Nisy fikorontanana noho ny tsy fifankazahoan-kevitra teo amin'ny olona roa : i mompera Maurille sy ny eveka teo an-toerana tamin'ny taona 1889**



Deshayes G., 1821-1841

Raha tokony mba hahita ireo fikambanana telo mifamatotra amin'i Montfort hanjary hahavita-tena, hivoatra sy hitombo amin'ny fanànana fifandraisana tsara sahala amin'ireo « zanaka » avy amin'ny Ray ampanahy iray ihany, ary samy manana ny lehibeny maneran-tany, dia « adim-pianakaviana » indray no teraka tamin'ny alàlan'ny tsy fahatomombanana tao amin'ny fandehanan'ny lafiny ara-panorenana. Raha ny fantatra dia nisy tsy fifankazahoan-kevitra ny amin'ny fahefan'ny lehibe maneran-tany sy ny fanajana ny fahavitan-tena isam-pikambanana sy aradalàna, araka ny fomba nahazoan'ny evaka azy.

Ambonin'izany dia aoka homarihantsika ny tombontsoa matimatesan'ireo mpandalina tantara momba io resaka io : ny fihaviana montfortanina sy ny « fanorenana indray » teo ambany fitondran'i Mompera Gabriel Deshayes.

Tamin'ny taona 1906 hatramin'ny taona 1943 dia efa an'arivony ny pejy voasoratra mahakasika ity raharaha ity izay nahitàna ireo andiany roa nifanandrina. Nisy mihintsy aza ny fivadihan-javatra : ny ohatra tsara indrindra dia ny an'i Mgr Auguste Laveille.

Tamin'ny taona 1907 dia nampahalala ny boky nosoratany voalohany (560 pejy) fa tsy i Montfort no nanorina ny fikambanan'ireo Frera. Kanefa niaiky ny hadisoany izy tamin'ny taona 1916 tamin'ny nanitsiany ilay boky nosoratany teo aloha. Lehiben'ny seminera tao Versailles izy tamin'izay ary nanjary vikera jeneralin'i Meaux. Mbola nanoratra boky fanintelony izy ny taona 1924 mba hanamafisana ny fanorenan'i Montfort an'ireo Frera ary namaly an'i Crosnier izay namoaka boky 900pejy. Fikarohana ny « zava-misy » ara-tantara nanahirana izay nandalo boky maromaro no natao tamin'izany.

Ny fanekena ny fisian'ny fikambanan'ireo Frera tamin'ny alàlan'ny lalàna nivoaka tany Roma ny taona 1910 dia tokony naharavona ny zava-nitranga rehetra. Na izany aza anefa, tamin'ny taona 1947 dia mbola tsy noraisin'ny Fiagonana toy ny fikambanana naorin'i Montfort ireo Freran'ny St-Gabriel. Nisasatra tokoa ny kardinaly Tisserant tamin'ny fitondrana fanazavana teo amin'ireo kardinaly sasany momba ny

fifandraisana amin'ny firazanana montfortanina, tamin'ny fanontàna asasoratra nisy 508pejy tamin'ny taona 1943.

Tamin'ny volana jolay 1947 dia nanao dingana tamin'ny anaran'ny tenany ihany tany amin'ny papa Pie XII (fitsidihana sy taratasy nosoratana) i F. Anastase. Ary farany, tamin'ny taona 1949 dia natontan'ny trandom-pirinty vatikana ny lahatsoratran'ny Lalàna namoaka ny fanandràtana ho Olomasina an'i Montfort (1947). Hita soritra tao ny fanorenana roa sosona nataon'i Montfort, ny an'ireo Misionera Montfortanina sy ny an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena. Toy izao kosa ny fomba diplomatika nametrahan'i Pie XII ny toerana nisy ireo Frera teo anivon'ny fianakaviana montfortanina : « Ray tena tiana tokoa » i Montfort : « ...ny fikambanan'ny freran'ny Fampianarana kristianina, izay nantsoina tany aloha hoe Saint-Esprit, ary ankehitriny nanjary Saint-Gabriel. Ny mpikambana ao amin'ity fikambanana ity dia miezaka hatrany ny haka tahaka ny hafanam-po apostolika nanànan'i Louis-Marie ho an'ny fanabeazana kristianina an'ireo tanora ary mandray azy toy ny Ray tena tiana tokoa amim-panajana lehibe indrindra (« dilectum »). »

Raha mijery tsara ny tantara isika dia hahatsapa tokoa ny anjara asa mazava an'ireo Frera. Tao amin'ny didy mafina nataon'i Montfort tamin'ny 17 aprily 1716 dia niteny tsara ireo « freran'ny St-Esprit mba hanao ireo sekolim-pitiavana » izy.

Ho ahy manokana, feheziko amin'ny hoe i P. Gabriel Deshayes dia namelona tokoa an'ilay fikambanana izay niankinan'ireo Frera tao Saint-Laurent-sur-Sèvres (Vendée). Ny ray nipoirana am-panahy voalohany (na fanorenana) dia i Montfort izay ankatoavinay tokoa.



Le Père Maurille A., 1877-1903



Inona moa no tsy hanekena amin'ny farany ny lahara-pahamehan'ny karisma momba ny aim-panahy manoloana ny karisma momban'izaynoforonina? Mifandray sy ilaina ho amin'ny faharetana miteraka fahariana izy roa ireo. Teto dia nahatsapa aho tanjaka nisandratra izay nampivohitra tsikelikely tao amin'ireo mpianatr'i Montfort fanomezam-pahasoavana iray manainga sy mampiombona, fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy miasa, fanomezam-pahasoavana izay azo tsapain-tànana nanomboka teo ka nampivondrona ny fianakaviana montfortanina, dia ireo lahika, pretra ary ireo masera sy frera.

Tao amin'ireo mpomba ny Konsily Vatikana II (1962-1965) dia nihatsara ny kalitaon'ireo fifandraisana mba hiara-hiasa an-tsehatra sy mba hanekena ireo sedra madinidinika nandalovan'ny tantara. Ireo fikarohana maro niaraha-notanterahina amin'ireo endrika ara-tantara sy ny aim-panahy teo amin'ireo Misionera Montfortanina sy Freran'ny St-Gabriel dia nanamora ny fifankazahoana. Tamin'ny taona 1964 dia nandray anjara tamin'ny fikarohana ara-baiboly mifandray amin'ireo asasoratr'i Montfort aho. Ary niaraka tamiko tany ireo Freran'ny St-Gabriel sy Zanakavavin'ny Fahendrena, nanaraka ireo Fivoriana izay notarihan'i Mompera Louis Pérous, Montfortanina, mpampianatra mpikaroka tao amin'ny CNRS, ohatra tamin'ny 09-10-11 febroary 1973 tany Nantes.



“” Tamin'ny taona 1997 dia nisy ny  
fifampihavanana nifono heviny izay  
nankalazaina teo anatrehan'ireo  
fikambanana montfortanina telo tonta.

## 1966 – 1967 : fankalazana ny faha 250 taona nahafatesan'i Montfort.

Ny fiafaran'ny fifandonana anaty izay nitondra filamintsaina naharitra dia nipetraka nandritra ireo fihaonana roa nataon'ny Filan-kevitra jeneralin'ireo fikambanana roa tany Roma : ny fihaonana tamin'ny 23 desambra 1967 natao tany amin'ireo Misionera Montfortanina ary tamin'ny 5 january 1968 tany amin'ireo Freran'ny St-Gabriel. Ny tranga nahatonga izany dia ny fankalazana ny faha 250 taona nitsingerenan'ny nahafatesan'i Montfort tamin'ny taona 1967; nandritra izany no nanasàn'ireo Misionera Montfortanina an'i F. Romain Landry, lehiben'ireo Frera, tamin'ny fivahinianana masina fanaon'ny Montfortanina isan-taona any Lourdes. Tamin'ny taona 1997 dia nisy ny fifampihavanana nifono heviny izay nankalazaina teo anatrehan'ireo fikambanana montfortanina telo tonta. Ny 4 aprily 2019 tany Roma dia nandalo teo amin'ny toerana izay niasàko i F. Jean Friant ary nampahatsiahiviny ahy ilay fihetsika niseho tamin'ny 29 septambra 1997 izay manana ny lanjany tokoa. Izy no lehiben'ny fikambanana manerantany tamin'izany fotoana izany. Tamin'io taona io dia nanolotra ny relikan'i Montfort ireo Misionera Montfortanina ary ireo Zanakavavin'ny Fahendrena kosa nanolotra ny relikan'i Olontsambatra Marie-Louise Trichet. Ao amin'ny « Maison centrale » any Roma no misy azy ireo.

Ary indro ary ohatra farany, tamin'ny taona 2019 tany amin'ny tranon'ireo Frera tany Roma, andro famaranana ny Fotoana manokana nampiofanana ireo provinsialy vaovao rehetra maneran-tany : ny 12 oktôbra dia samy naneho ny heviny i Masera Rani Kurian, lehiben'ny Zanakavavin'ny Fahendrena, sy i Mompera Jean-Charles Wismick, vikera jeneralin'ny Misionera Montfortanina, ka samy nampiharihary, nifampizara ary nampahalala ireo tena herin'ny fikambanana misy azy amin'izao vaninandro iainantsika izao. Nanatrika fifampizarana marina momba ny harenan'ny fikambanana tsirairay aho tamin'izay. Samy nizara avokoa izay neveriny ho tena tanjaky ny fanomezam-pahasoavana montfortanina, ny fahatongavany nofo amin'ny fiainam-pikambanana ho an'ny vaninandro ankehitriny. Ho ahy, manana ny lanjany kokoa ny fiainana noho ny sora-pamantarana. Tsy ny hanao kabary fiarahabana feno haja amam-boninahitra no nahatongavanay, fa fifampizaràna.

Ny iraka izay tanterahinay amin'ny fihevitra montfortanina dia asan'ny Fanahy Masina. Izany no nolazain'i Montfort tao amin'ny Vavaka mirehidrehitra sy mivaivay nataony mba hahazo Misionera : « Tsarovy, ry Tompo, ity Fikambananao (...). Efa Anao hatramin'ny mandrakizay araka ny fandaharanao... fanànanao ao am-ponao... » (PE 26 ; p.686, Œuvres complètes). ■



## NY FIAINAKO NY AIM-PANAHY MARIALY

**Miaraka amin'i Hubert GUERINEAU FSG**  
83, rue Desjardins, 49100 ANGERS (Frantsa)



Teraka tamin'ny 1938 avy amin'ny fianakaviana tantsaha sy tena kristianina aho. Tena mpivavaka ny reniko na dia tsy mahay mamaky teny sy manotra aza, ary ny raiko kosa dia mpiady. Niaro tamin'ny fomba rehetra ny toerany amin'ny maha mpitrandraka azy izy mba hahatongavany ho mpamboly manohitra an'ireo tompon-tany.

Saingy nahafaly azy ny nilazany fa taranaka "Vendeana" nijoro ho mpanohitra ireo mpioko ny 1793 izy. Tamin'ny alalan'I Montfort, misionera apostôlika, no naizaian'I "Vendée" nitazona ny finoana maha kristianina azy.

Tamin'ny fahafito ny taonako dia nosoratan'ny raiko ho mpikamban'ny Mpanjakavavin'ny Fo Masin'I Jesoa ao Issodium, tahaka ny nataony tamin'ireo zanany fito mianadahy hafa aho. Ary tena tsapan'ny reniko mazava tsara fa ny "nandray ny Komonio voalohany na dia kely aza" dia afaka mitarika ny vavaka hariva ao amin'ny fianakaviana mandritra ny Karemy. Aorian'ny vavaka fototra amin'ny fiainana maha kristianina dia mpitarika sapile aho ka faranako hatrany amin'ny vavaka amin'ny Mpanjakavavin'ny Fo Masin'I Jesoa.

Amin'ny fitiavana sy fanajan'ny reniko manokana an'I Masina Maria sy amin' ny fandraisako andraikitra toy ny relijozy noho ny fijoroan'ny raiko no nitenenako "eny", teo amin'ny faha 11 taonako, tamin'ny frera izay mpisivana sy mpandray an'ireo ho Freran'ny Md Gabriely, ka nahatongavako ho "frera mpampianatra".

Tsy nisy tsy nandalo tamiko ireo karazana fitsapana ary ny fiatoana matetika vokatry ny aretin'ny avokavoka dia nolalovana toy ny zava-misy voajanahary rehetra. Nahazo alalana hampianatra tany amin'ny ambaratonga voalohany aloha aho, avy eo tany amin'ny kolejy ary ny farany tany amin'ny ambaratonga faharoa rahefa vita fandidiana ny avokavokako tamin'ny taona 1961.



Rehefa nandroso soso-kevitra ho an'ireo nandray retirety tamin'ireo karazana firotsahana "fidei donum" mba handeha hampianatra any Afrika ny iray tamin'ireo lehibe mpitarika anay, 150 izahay tamin'izany, dia roa taminay ihany no nanaiky, sady tsapako ho mety amin'ny tenako ihany koa ny firotsahako an-tsitrano handeha ho any Gabon. Tamin'ny taona 1966 izany rehetra izany.

Ankafizin'ny Papa Francois-tsika ny miresaka an'I Maria izay namaha ny fatorana, ho ahy, I Maria no nanaisotra ny kofehy ary amina joron-kevitra vaovao izay miresaka an'i "Neny Maria" no tokony hiantefan'io fomba fiteny hanjohy ny androm-pianako rehetra io...mandrak'androany. Araka izany dia niaina 35 taona maha profesora tany Afrika aho: ka 17 taona naha mpitandrin-tsekoly tao anatin'izany; namaha ireo olana mifandraika indrindra tamin'ny sehatr' asako, tamim-pomba fijery ny lafin-tsaran-javatra hatrany. Mazàna aho no nanontany teny hoe amin'iza tokoa moa izany no tokony hametrahako izany fiarovana izany. Isaky ny mihodina dia tokana ihany ny fanapahan-kevitra: dia ho an'ireo vavakin'ny fianakavianako, indrindra ny an'ireo tranon-drelilioziko telo, ary koa ho fanomezako manokana ho an'ireo ankizy izay nanolorako tena. Mazava ho azy araka izany, fa mandrafitra feno ny fiainako I Masina Maria: isan'andro aho manao sapile, nampianatra katesizy ny kilasy faha 6 hatramin'ny faha 12 ary ireo mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo. Tsy mbola nandalo tsy fahombiazana aho: raha hoe fifanoherana dia nisy aloha e! Fa raha tsy fahombiazana kosa dia tsia! Tsy narary intsony aho. Eny e! nisy olona nanara-maso ny fahasalamako ihany fa tsy fantatro hoe iza. Isan-taona aho dia manavao ny Fanokanan-tenako amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Masina Maria; saingy sahala amin'ny rahona madinika no niainako izay 35 taona izay, teo ampitadiavana izay tsara sy mendrika indrindra avy amiko hatolotro an'ireo mpianatra rehetra niandraiketako. Ny tanjoko dia: ny hamolavola azy ireo tsirairay avy ho "olona feno", vonto tanteraka ny fototra maha kristianina, fa indrindra ny soatoavina maha olombelona mafy orina. Eo ampamoronana ireo asa manodidina ny fiainan-tsekoly dia asehoko azy ireo fa ilaina eo amin'ny fiainana ny mahay mirotsaka hanompo ireo rahalahiny.



Aiza ary Masina Maria amin'izany rehetra izany? Tena hadinodiniko mihintsy Izy, nefa teo anilako mandrakariva. Voaantso hiroso amin'ny fisotroandrononoko aho tamin'ny 1993 dia tsy maintsy nanao tombana an'izay taona rehetra izay. Noho izany dia tsy maintsy nandalina ny Testamenta Taloha aho mba hampianarako azy an'ireo mpianatra vaventy izay mpandalim-pinoana tao amin'ny paroasy. Nanomboka teo no nanombohako nizara ny paik'ady fampianaranana ireo tenim-pirenena "tenin-dreny" (fototra) mba hampivelarana ireo karazana fomba fiteny tsy misy fifangaroana any Gabon aloha, avy eo any Cameroun, izany hoe tenim-paritra 23 isa, mba ahafako maka volon-tany bebe kokoa hatrany.



“” ... nangataka ahy hampahalala Azy amin'ny alalan'ireo asasoratr'i Md Louis-Marie avy any Montfort izy

Ny fiainako ny aim-panahy marialy, na dia tena misy aza, dia tsy mba atom-piheverako voalohany. Kanefa kosa niandry ahy I Maria tamin'ny taona 2004. Vokatry ny fitontosana nangirifiry tao amin'ny avokavoka, dia nangataka hody tany Frantsa aloha aho. Saingy nalefa tany Pologne aho. Ary teo an-tongotr'I Masina Maria Mpanjakavavin'ny Czestochowa no niandrasan'I Maria ahy. Niantso ahy sy niteny tamiko tao anaty foko lalina izy nanao hoe: "Hubert! Inona no mba nataonao ho ahy tao anatin' izay taona rehetra izay?" Jenjin'ny nenina tanteraka aho niaina lavitra azy sahala amina zavatra mandeha ila, ary tsapako hoe mila ahy mba ho Azy Izy. Fa inona ary izany? Toa hevitra tsy misy dikany, tsy hay tanterahina; nangataka ahy hampahalala Azy amin'ny alalan'ireo asasoratr'I Md Louis-Marie avy any Montfort izy, ilay Olomasina malaza amin'ny fitiavana sy fanajana manokana an'ilay Virjiny Masina. Hoy aho, amin'ny maha montfortana ahy, tamin'ny tenako hoe: tokony hanandrana hampadika ireo asasorany amin'ny tenim-pirenena "polonaise" aho ary indrindra hanaparitaka azy any amin'ny olona. Ho amin'izay sy niaraka tamin'ny tolo-tanan'ireo namana mahatoky dia nanorina ny Trano famoaham-boky montfortana (Wydawnictwo Montfort) ho an'ny tenim-paritra "polonaise" aho.



Tsapako tamin'izany fa faly I "Neny Maria". Nanaraka ny taona nifandimby dia hita fa nanomboka namiratra ireo boky montfortana tamin'ny dika teny "polonaise". Tena ambany fanampian'ireo rahalahiko iray fikambanana sy ireo rahalahy pretra montfortana teratany Kroasia, izay nifandimby teo, dia nivoaka tamin'ny endriny antonony mora entina ny boky: **Tena fitiavana sy Fanajana an'I Masina Maria, Raki-tsarobidin'I Maria, Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay, Ny tsiambaratelon'ny Raozery Masina, Vavaka mivaivay**. Satria maninona no natao tamin'ny endrika teny kely? Tsy inona, fa mba ahafahantsika manasitrika ny boky ao am-paosy.

Fa nanoro fomba tokony hatao mba "hanokanan-tena amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Masina Maria" I Montfort. Ilaiko ny mba hahafa-po an'I Masina Maria Mpanjakavavy raha manoratra boky vavaka natao ho an'ny olona rehetra aho, mba ahafahan'ny mpino iray miomana, samirery amin'ny "**FANOKANAN-TENA AMIN'I JESOA AMIN'NY ALALAN'I MARIA**". Tsy moramora izany mandray anjara amin'ny fihataham-panahy miaraka amin'i Masina Maria izany. Nentanin'ilay Virijiny Masina, ka nanao ny boky "**33 andro ho fiomanam-panahy amin'ny fanokanan-tena amin'I Jesoa Kristy amin'ny alalan'I Masina Maria**" tamin'ny teny "polonaise" sy frantsay aho. Ireo pretra montfortanan' I Czestochowa (Pologne) kosa manohy an'ilay iraka tsara, handeha hampahalala an'I Maria any Pologne.

Raha ho ahy, dia tsapako fa tsy manadino ahy izany I "Neny Maria". Noho ny faharerahako sy ny fiakaran'ny tosindrà be loatra namely ahy, dia tsy maintsy nody tany Frantsa aho izay nanohizako hatrany ny andraikitro ho an'I Maria, tamin'ny alalan'ny fandrafetana boky tamin'ny teny frantsay sy ny fihataham-panahy marialy araka ny fomban'I Md Louis-Marie avy any Montfort.

Isan'andro aho dia manontany hatrany izay tian'I Maria hataoko. Ary tena nazava ny valin-teniny tamin'ny taona 2016 hoe: mila mijaly ho Azy aho. Lasa jamba ila aho rehefa niala ny masoko ilany ary lasa narenidrenina noho ny olan'ny "lalan-drà vaventy". Tsapako sy azoko tamin'izay fa tian'I Maria hiala sasatra sy hivavaka misimisy kokoa aho.

Hitako ihany koa ny tena endrik' ilay Renin'I Jesoa, izay tonga ho Mpamony-mpanampy, Mpanelanelana sy Mpisolo vava ny taranak'olombelona tamin'ny alalan'ilay "Eny" nataony tamin'ny fahatongavana ho nofo.

Nanomboka tamin'io andro io no nitondran'I Maria fijaliana nandritry ny fiainany teto an-tany sy nandray anjara tsy sasatra niaraka tamin-Janany amin'ny fanavotana antsika amin'ny fahotana. Nanomboka tamin'io andro io ihany koa no maha eo an'I Maria isaky ny lamesa ankalazaina eo amin'izao tontolo izao, amin'ny fotoanan'ny Fanokanan-tena ; toy ny naha teo ampototry ny Lakroa Azy( Eo i Maria, Mgr Aillet, Ny Evekan'I Bayonne). Misaotra Anao aho ry "Neny Maria". **Tiako ianao!**  
**Ary ho fanomezan-kaja an'ireo fo roa "Vendeana" izay nanamarika ahy mandritry ny androm-piainako rehetra, dia tsy afaka eo imolotro ny teny hoe:** "Ry Fo Masin'I Jesoa sy Maria, Tiako ianao! Avelao ny fahotanay, arov y amin'ny afobe izahay.... Ary ento any andanitra ny fanahy rehetra, indrindra ireo tena mila ny famindram-ponao bebe kokoa". ■



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort



Statuetka wyrzeźbiona przez Monfort

## Cantique 19

# Ny Sandresen'ny hazofijaliana

15e cantique - 31 couplets



1.

Ny hazo fijaliana dia mistery  
Lalina loatra ety ambany ety ,  
Tsy misy hazavana loatra  
Tsy dia fantatra koa.  
Mba hahazoana azy  
Dia fanahy mitsangana,  
Nefa mila henoina  
Mba ho voavonjy.

2.

Ny natiora mankahala azy ,  
Ny saina miady aminy ;  
Ny olona manan-pahaizana tsy mahafantatra azy  
Ary ny devoly mandavo azy.  
Matetika na ny mpivavaka aza  
Tsy manana azy ao am-pony.  
Na dia milaza ho tia azy izy,  
Ao anaty anefa mpandainga.

3.

Ilaina ny hazofijaliana,  
Tsy maintsy mijaly foana  
Na miakatra any Kalverv ,  
Na ho ringana mandrakizay .  
Antson'i Md Augustin  
Na mitsipaka isika  
raha tsy manasazy antsika Andriamanitra,  
Na koa tsy voasedra

4.

Ho tody an-tanindrazana  
Amin'ny alalan'ny lalan'ny hazofijaliana,  
Ilo no lalan'ny fiainana,  
Ilo no lalan'ireo mpanjaka ;  
Ny vato rehetra voatemy  
Arakarakany avy  
mba ho apetraka  
Ao Siona Masina .

5.

Atao inona fandresena  
Amin'ny mpandresy izay goavana ,  
raha tsy manana voninahitra izy  
Izay mandresy anaty fijaliana ,  
Raha tsy manana ho modely izy  
Jesoa maty teo ambony hazofijaliana ,  
Sahala amin'ny tsy mahatoky  
Izay mandà ity hazo ?

6.

Jesoa Kristy tamin'ny alalany  
Nidina ambanin'ny tany ,  
Namatotra ny mpikomy  
Nandresy izao tontolo izao ;  
NomeNy ho fiadiana  
ho an'ireo mpanompo tsara,  
Manaitra na manakorontana izy  
Na ny tanana sy ny fo .


7.


Handresy ianao amin'ny alalany ,  
Hoy Izy tamin'i Constantin,  
Ireo fandresena tsy misy heviny  
Napetraka ao an-tratrany.  
Vakio ao anatin'ireo tantara  
Ireo vokany mahagaga  
Ireo fandreseny tsy misy heviny  
Ety an-tany sy an-danitra .

8.

Na dia teo aza ny hevitra sy natiora,  
Politika sy antony,  
Ny marina manamarina azy,  
Ny hazo fijaliana dia fanomezana lehibe ;  
Ao amin'ity andriambavy  
No hahitana raha ny marina  
Ny fahasoavana , ny fahendrena  
Sy ny maha Andriamanitra.

“” Ho tody an-tanindrazana  
Amin'ny alalan'ny lalan'ny hazofijaliana





9.

Andriamanitra tsy afaka niaro azy  
Amin'ny hakantony tsy fahita firy,  
Ny hazo fijaliana no nampidina azy  
Amin'ny maha olombelona azy.  
Hoy izy rehefa tonga teto an-tany :  
Eny , mila azy aho, Tompo.  
Hazo fijaliana tsara , atsangako  
Ato anatin'ny foko ianao.

10 .

Hitany fa kanto loatra izy  
Izay nataony hanomezan-boninahitra azy,  
Ilay mpiara dia aminy mandrakizay,  
Ilay vadin'ny fony.  
Hatramin'ny fahazazany,  
Rehefa nisento ny fony,  
Nandeha nakany amin'ny fanatrehany  
Ilay hazo fijaliana tena tiany.

11.

Efa nanany , tamin'ny fahatanorany,  
Tadidiavina haingana.  
Maty am-pahalemen-panahy  
Sy fitiavana eo an-tanany.  
Mila batemy aho,  
Hoy ny antsony indray andro,  
Ry hazo fijaliana tena tiako,  
Anton'ny fitiavako.

12 .

Nantsoiny i Md Piera  
Satana mahamenatra ,  
Fony izy teto an-tany  
Rehefa nanodina ny masonry.  
Mahatehotia ny hazofijaliany ,  
Tsy toy izany anefa ny reniny,  
Endrey , ny halehibe tsy hay ambara  
Tsy fantatra an-tany aty !  
Sur terre, en tant de lieux.

13.

Ity hazo fijaliana miparitaka  
Amban'ny tany, sy toerana hafa,  
hitsangana amin'ny maty  
Sy ho entina an-danitra.  
Hazofijaliana iray,  
Feno zava mahasarika,  
Hitsara araka ny fijeriny  
Ny maty sy ny velona.

14.

Hiantso famaliana  
Ho an'ireo fahavalony Izy,  
Hafaliana sy famelana kosa  
Ho an'ireo namany ;  
Homeny voninahitra  
Ireo olon-tsambatra rehetra  
Sy hihira fandresena  
Ety an-tany sy an-danitra.

“” Nantsoiny i Md Piera  
Satana mahamenatra.

15.

Ireo Olomasina nandritra ny fiaínany  
Tsy nikatsaka afa tsy ny hazo fijaliana,  
Izay nataony hofaniriany lehibe,  
Sy ho safidiny manontolo ;  
Tsy faly nahazo ireo  
Izay nomen'ny lanitra azy,  
Manana ireo zava-baovao  
Izay nahavoaheloka ny tsirairay .

16.

Ireo fatoran'i Md Piera  
Nahazoany voninahitra kokoa  
Izay nahatonga azy teto an-tany  
Ho mpanampy ny Mpamony.  
Endrey ny hazo fijaliana, tsara hoy ny antso  
I Md André , feno finoana,  
Mba omeo ahy ny fiaínana  
Ary ho faty ao aminao aho !

17.


Jereo i Md Paoly nanadino  
Ny hafaliany lehibe  
Tsy misy ho reharehany intsony  
Afa tsy ny hazo fijaliana irery ihany.  
Be voninahitra kokoa  
ao anatin'ny tranomaizina takona  
Noho ny fietanan-po miendri-dera  
Izay mahafaly azy any an-danitra.

18.


Raha tsy teo ny hazo fijaliana, marisa ny fanahy,  
Malemy ,kanosa, ary tsy misy fo,  
Ny hazo fijaliana mahatonga mafana fo  
Sy feno fahavitrihana.  
Raha anaty ny tsy fahalalana  
Rehefa tsy mahatsapa n'inoninona,  
Manana saina matsilo  
Rehefa mijaly isika.

19.

Ny fanahy tsy mandalo fitsapana  
Tsy misy vidiny loatra,  
Fanahy vaovao  
Izay tsy mahay n'inoninona.  
O ry masi-mandidy mamy loatra  
Inona no tsiro azon' ireo mijaly,  
Raha mankafy ny fijaliany izy,  
Tsy misy manamaivana !



“” Raha tsy teo ny hazo fijaliana, marisa ny fanahy,  
Malemy ,kanosa, ary tsy misy fo.



20.

Amin'ny alalan'ny hazo fijaliana no omena  
Ny fitahiana,  
Ary Andriamanitra mamindra fo  
sy mamela ny heloka ;  
Tiany raha ny zavatra rehetra  
voamarika amin'ity tombo-kase .  
Raha tsy hoe tsy apetra,  
Tsy misy tsara aminy.

21.

Noho izany raha apetraka izy,  
Ny tsy masina lasa masina,  
Ny loto afaka,  
Andriamanitra no manala ireo.  
Tiany raha mipetraka  
eo amin'ny handrina sy ao am-po izy,  
Alohan'izay kasaina ,  
Mba ho lasa mpandresy.

22.

Izy no antoka ho antsika ,  
Fiarovana ho antsika,  
Ilay hany fanantenantsika,  
Mahatonga lafatra antsika ;  
Sarobidy loatra izy ,  
Noho ny fanahy any an-danitra  
izay lasa feno hafaliana  
Hijaly any amin'ireo toerana.

23.

Ity famatarana feno hatsarana,  
Ny Pretra anoloan'ny otely anie  
Tsy haka fitaovan-piadiana hafa  
Mba hisintonana azy any an-danitra ;  
Mamorona eo amin'ny Ostia  
Ireo famatarana ny hazo fijaliana maro ;  
Amin'ireo famataran-piainana ,  
No manome ny lalana izy.

24.

Amin'ny alalan'ny famantarana mahafatifaty,  
Hataony ho hanitra  
toy ny fofona tsara loatra  
Izay tsy misy toa azy ;  
Emboka omena azy  
Rehefa voatokana izy ,  
Ity satro-boninahitra  
no tiany ho tafiany.

25.

Ny Fahendrena mandrakizay  
Mbola mitady hatramin'izao  
Fo maromaro tsy mivadika  
Mendrika ity fanomezana.  
Mila olona tena feno fahendrena izy,  
Izay tsy tia afa tsy ny fijaliana,  
Izay mitondra an-keri-po  
Ny hazo fijaliana hatramin'ny fahafatesana.

“” Ny Fahendrena mandrakizay  
Mbola mitady hatramin'izao  
Fo maromaro tsy mivadika  
Mendrika ity fanomezana.

26.

Ny Hazo fijaliana, ampangino aho,  
Manambany anao aho rehefa miteny,  
izaho sahisahy ratsy,  
Izaho mpaniratsira ;  
Satria nandray anao ahy  
Tamin-po fena fahatezerana,  
Tsy nahalala anao akory aho,  
Mamelà ny heloko !

27.

Ry Hazo fijaliana , amin'ity fotoana ity,  
Satria fantattro ianao,  
Ataovy tonga fonenanao aho  
Ary omeo ahy ny lalanao.  
Fenoy aho , ry andriambaviko ,  
Ireo Fitiavanao madio,  
Ary ataovy fantattro  
Ireo ravaka tsiambaratelonao.

28.

Eo am-pahitana ny hakantonao aho  
Tiako ho azoko ianao,  
Saingy ny foko tsy nahatoky  
Mitazona ahy amin'ny adidiko ;  
Raha tianao ry tompovaviko,  
Velombelomy ny aiko,  
Hankaherezo ny halemeko,  
Omeko anao ny foko.

29.

Raisiko ho amin'ny fainako ianao,  
Ry fahafinaretako , voninahitro,  
Ianao ilay hany namako,  
Ianao ilay hany hasambarako ;  
Soratinao am-pahasoavana,  
eo amin' ny foko, ny sandriko,  
Eo amin'ny handriko, ny tavako,  
Mba tsy ho menatra aho.





30.

Raisiko ho harenako  
Ireo fahantranao maro,  
Raisiko ho fitiavako  
Ireo maha hentitra anao.  
Ny fahendrenao adala anie ,  
Ny fahamasinanao aka-baraka anie  
Ho tonga mandritra ny fiainako  
Voninahitra sy fahalehibeazana.

31.

Raisiko ho fandreseko,  
Rehefa tamin'ny alalan'ny hatsaran-panahinao  
Tamin'ny voninahitrap lehibe  
Lavonao aho ;  
Tsy mendrika aho  
Ny ho fatinao  
Na ho tonga famantarana  
Manahirana ny rehetra.  
ANDRIAMANITRA IRERY■

*Le 28 avril 2020  
Fête de la famille  
Montfontaine*

## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908  
Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE  
<http://www.montfortian.info/amqah/> ;  
E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com)